REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

| MINISTERE DE L'ECONOMIE ET DES FINANCES | MINISTERE DE L'ENSEIGNEMENT TECHNIQUE ET DE LA FORMATION PROFESSIONNELLE |
|---|---|

**PROJET DE LOI n° 028/2026 du 10 juin 2026**

**Autorisant la ratification de l'Accord de prêt relatif au financement du Projet Compétences des jeunes pour la transformation économique et l'emploi à Madagascar (MYSET), conclu le 30 avril 2026 entre la République de Madagascar et la Banque Mondiale.**

## EXPOSE DES MOTIFS

Malgré des atouts importants, Madagascar peine à générer une croissance économique inclusive et suffisamment créatrice d'emplois dans un contexte de forte croissance démographique (2,4 % par an). En effet, la jeunesse, en forte expansion avec près de 420 000 nouveaux entrants sur le marché du travail chaque année, fait face à un manque d'opportunités, caractérisé par une prédominance de l'emploi informel (98,9 %), une faible productivité et des inégalités de genre. Par ailleurs, environ 24,3 % des jeunes ne sont ni en éducation, ni en emploi, ni en formation.

Dans ce cadre, le projet MYSET vise à apporter une réponse intégrée aux défis d'insertion professionnelle des jeunes en renforçant leur employabilité et en améliorant l'adéquation entre les compétences et les besoins du marché du travail. Il a pour objectif principal l'amélioration de l'accès et de la qualité de l'enseignement technique et de la formation professionnelle, afin de promouvoir les opportunités pour les jeunes, tant en matière d'auto-emploi que d'insertion dans le monde du travail, tout en répondant aux attentes du secteur privé. À travers le développement de compétences adaptées, le soutien à l'entrepreneuriat des jeunes, notamment des femmes, et le renforcement des liens entre formation et tissu économique, le projet contribuera à la création d'emplois décents et à la transformation structurelle de l'économie malgache, avec pour cible la formation de 500 000 jeunes et un taux d'insertion professionnelle supérieur à 75 % dans les douze (12) mois suivant la fin de la formation.

À cet effet, la Banque Mondiale a accordé au Gouvernement Malagasy un prêt additionnel d'un montant de **CENT MILLIONS DE DOLLARS (100 000 000 USD)** équivalant à **QUATRE CENT QUINZE MILLIARDS QUATRE-VINGT-SEPT MILLIONS ARIARY (415 087 000 000 MGA)** pour le financement dudit projet.

**OBJECTIF DU PROJET:** Amélioration de l'accès et de la qualité de l'enseignement technique et de la formation professionnelle contribuant à promouvoir les opportunités pour les jeunes à l'auto-emploi, à entrer dans le monde de travail et répondre aux attentes du secteur privé

- **Composante 1** : Améliorer la qualité de la formation et de la préparation de la main-d'œuvre
- **Composante 2** : Élargir les parcours d'insertion professionnelle et renforcer la reconnaissance des compétences
- **Composante 3** : Renforcer la gouvernance et la coordination des systèmes de développement des compétences
- **Composante 4** : Composante d'intervention d'urgence conditionnelle

**CONDITIONS FINANCIERES DU PRET :**

Maturité : 40 ans
Période de grâce : 11 ans
Taux d'intérêt : 0 %
Commission de service et autres charges : 0%

Commission d'engagement : la moitié d'un pour cent (½ de 1 %) par année sur le Solde du Financement Non Retiré.

**AGENCES D'EXECUTION**: Ministère de l'Enseignement Technique et de la Formation Professionnelle ; Ministère de l'Enseignement Supérieur et de la Recherche Scientifique ; Ministère de la Santé Publique ; Ministère de l'Agriculture et de l'Élevage.

**DATE DE CLOTURE**: 30 septembre 2031

Aux termes de l'article 137, paragraphe II de la Constitution, «la ratification ou l'approbation des traités qui engagent les finances de l'Etat doit être autorisée par la Loi ».

Le Ministre de l'Economie et des Finances et le Ministre de l'Enseignement Technique et de la Formation Professionnelle seront chargés d'en exposer les motifs et d'en soutenir la discussion.

Tel est, Mesdames et Messieurs les Parlementaires, l'objet du présent projet de loi que nous avons l'honneur de soumettre à votre haute approbation.

Fait à Antananarivo, le

Le Ministre de l'Economie et des Finances

**Herinjatovo Aimé RAMIARISON**

Le Ministre de l'Enseignement Technique et de la Formation Professionnelle

**Todisoa Manampy ANDRIAMAMPANDRY**

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

**PRÉSIDENCE DE LA REFONDATION DE LA REPUBLIQUE**

---

**PROJET DE LOI n° 028/2026 DU 10 JUIN 2026**

**Autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du Projet Compétences des jeunes pour la transformation économique et l'emploi à Madagascar (MYSET), conclu le 30 avril 2026 entre la République de Madagascar et la Banque Mondiale.**

L'Assemblée nationale a adopté en sa séance du…………………

**LE PRÉSIDENT DE LA REFONDATION DE LA REPUBLIQUE, CHEF DE L'ETAT**

Vu la Constitution,

Vu la Décision n°________ HCC/D du____________ de la Haute Cour Constitutionnelle,

**PROMULGUE LA LOI DONT LA TENEUR SUIT :**

**Article premier.** - Est autorisée la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du Projet Compétences des jeunes pour la transformation économique et l'emploi à Madagascar (MYSET), conclu le 30 avril 2026 entre la République de Madagascar et la Banque Mondiale, d'un montant de CENT MILLIONS DE DOLLARS (100 000 000 USD).

**Article 2.**- La présente Loi sera publiée au Journal Officiel de la République. Elle sera exécutée comme Loi de l'Etat.

Promulguée à Antananarivo, le

**Par le Président de la Refondation de la République, Chef de l'Etat**

**Michaël RANDRIANIRINA**

**Vu pour être annexé**
**Au Décret n°2026-1475 du 10 juin 2026**

**Le Premier Ministre,**
**Chef du Gouvernement,**

**Mamitiana RAJAONARISON**

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

**GOUVERNEMENT**
**--------------**

**DECRET N° 2026-1475**

**Portant présentation au Parlement du Projet de Loi n°028/2026 du 10 juin 2026 autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du Projet Compétences des jeunes pour la transformation économique et l'emploi à Madagascar (MYSET), conclu le 30 avril 2026 entre la République de Madagascar et la Banque Mondiale.**

**LE PREMIER MINISTRE, CHEF DU GOUVERNEMENT,**

Vu la Constitution ;

Vu la Décision n°10-HCC/D3 du 14 octobre 2025 accordant à l'autorité militaire compétente, représentée par le Colonel RANDRIANIRINA Michaël, l'exercice des fonctions de Chef de l'Etat ;
Vu le Décret n°2026-776 du 15 mars 2026 portant nomination du Premier Ministre, Chef du Gouvernement ;
Vu le Décret n°2026-777 du 25 mars 2026 portant nomination des membres du Gouvernement.

**DECRETE :**

**Article premier.** - Le Projet de Loi n° 028/2026 du 10 juin 2026 Autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du Projet Compétences des jeunes pour la transformation économique et l'emploi à Madagascar (MYSET), conclu le 30 avril 2026 entre la République de Madagascar et la Banque Mondiale, pour un montant de CENT MILLIONS DE DOLLARS (100 000 000 USD), délibéré en Conseil des Ministres le 10 juin 2026, annexé au présent Décret et comportant deux (02) articles sera présenté au Parlement.

**Article 2.**- Le Ministre de l'Economie et des Finances et le Ministre de l'Enseignement Technique et de la Formation Professionnelle sont chargés d'en exposer les motifs et d'en soutenir la discussion.

Fait à Antananarivo, le 10 juin 2026

Par le Premier Ministre,
Chef de Gouvernement

**Mamitiana RAJAONARISON**

Le Ministre de l'Economie
et des Finances

**Herinjatovo Aimé RAMIARISON**

Le Ministre de l'Enseignement Technique
et de la Formation Professionnelle

**Todisoa Manampy ANDRIAMAMPANDRY**

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

**MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA**

**MINISITERAN'NY FAMPIANARANA TEKNIKA SY NY FANOFANANA ARAK'ASA**

**VOLAVOLAN-DALANA LAHARANA FAHA-028/2026 NY 10 JONA 2026**
manome alalana ny fankatoavan-dalàna ny Fifanarahana fampindramam-bola mikasika ny famatsiam-bola ny Tetikasa "Fampivelarana ny fahaiza-manaon'ny tanora ho an'ny fanovàna ara-toekarena sy ny asa eto Madagasikara (MYSET)", natao sonia ny 30 aprily 2026 teo amin'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Banky Iraisam-pirenena.

## FAMELABELARANA NY ANTON'ANTONY

Na dia manana tombony maro aza i Madagasikara, dia mbola sahirana amin'ny famoronana fitomboana ara-toekarena mahafaoka ny rehetra sy mamorona asa ampy, ao anatin'ny fitomboan'ny isan'ny mponina avo dia avo (2,4 % isan-taona). Marina tokoa fa ny tanora, izay mitombo isa haingana ka mahatratra 420 000 eo ho eo ireo miditra eo amin'ny tsenan'asa isan-taona, dia miatrika tsy fahampian'ny fahafahana miasa, izay ahitana ny fanjakazakan'ny asa tsy ara-dalàna (98,9 %), ny fahalemen'ny vokatra ary ny tsy fitovian-jo eo amin'ny lahy sy ny vavy. Ankoatr'izany, manodidina ny 24,3 % amin'ireo tanora no tsy mianatra, tsy miasa ary tsy manaraka fanofanana arak'asa.

Noho izany, ny tetikasa MYSET dia mikendry ny hanome vahaolana feno amin'ny olan'ny fampidirana ny tanora eo amin'ny sehatry ny asa amin'ny alalan'ny fanamafisana ny fahafahan'izy ireo mahazo asa sy ny fanatsarana ny fifanarahan'ny fahaiza-manao amin'ny filàn'ny tsenan'asa. Ny tanjona lehibe dia ny fanatsarana ny fahazoana sy ny kalitaon'ny fanabeazana teknika ary ny fanofanana arak'asa, mba hampiroboroboana ny fahafahan'ny tanora hahita asa, na amin'ny sehatry ny fandraharahan-tena izany na amin'ny fidirana eo amin'ny tontolon'ny asa, sady mamaly ny filàn'ny sehatra tsy miankina. Amin'ny alalan'ny fampivelarana fahaiza-manao mifanaraka amin'ny filàna, ny fanohanana ny fandraharahan'ny tanora, indrindra ny vehivavy, ary ny fanamafisana ny fifandraisana eo amin'ny fanofanana sy ny sehatra ara-toekarena, dia handray anjara amin'ny famoronana asa mendrika sy amin'ny fanovàna rafitra ara-toekarena eto Madagasikara ny tetikasa, sady mikendry ny hanofana tanora miisa 500 000 ary hahatratra taha fampidirana amin'ny asa mihoatra ny 75 % ao anatin'ny roa ambin'ny folo (12) volana aorian'ny fahavitan'ny fiofanana.

Ho fanatanterahana izany, ny Banky Iraisam-pirenena dia nanome fampindramam-bola fanampiny ho an'ny Governemanta Malagasy mitentina ZATO TAPITRISA DOLARA (100 000 000 USD), mitentina ZATO TAPITRISA DOLARA (100 000 000 USD), mitentina EFATRA HETSY SY DIMY AMBIN'NY FOLO MILIARA SY FITO AMBY VALOPOLO TAPITRISA ARIARY (415 087 000 000 MGA)  ho famatsiam-bola ny tetikasa voalaza etsy ambony.

**TANJON'NY TETIKASA :** Fanatsarana ny fahafahana miditra sy ny kalitaon'ny fampianarana teknika ary ny fanofanana arak'asa, mba hampiroboroboana ny fahafahan'ny tanora amin'ny fandraharahan-tena, ny fidirana eo amin'ny tontolon'ny asa ary ny famaliana ny filàn'ny sehatra tsy miankina.

- Singa 1 : Fanatsarana ny kalitaon'ny fanofanana sy ny fanomanana ny mpiasa
- Singa 2 : Fanitarana ny lalana fampidirana eo amin'ny sehatry ny asa sy fanamafisana ny fanekena ny fahaiza-manao
- Singa 3 : Fanamafisana ny fitantanana sy ny fandrindrana ny rafitra fampandrosoana ny fahaiza-manao
- Singa 4 : Singa fandraisana andraikitra maika miankina amin'ny fepetra voafaritra

**FEPETRA ARA-BOLA MOMBA NY FAMPINDRAMAM-BOLA :**

Faharetany : 40 taona
Fe-potoana tsy andoavana : 11 taona
Zanabola : 0 %
Saram-panompoana sy sara hafa : 0 %
Saran'ny fanolorantena : antsasaky ny isan-jato (½ de 1 %) isan-taona amin'ny vola mbola tsy nosintonina tamin'ny famatsiam-bola.

**SAMPAN-DRAHARAHA MPANATANTERAKA** : Minisiteran'ny Fampianarana Teknika sy ny Fanofanana Arak'asa ; Minisiteran'ny Fampianarana Ambony sy ny Fikarohana Ara-tsiansa ; Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka ; Minisiteran'ny Fambolena sy ny Fiompiana.

**DATY FAMARANANA** : 30 septambra 2031

Araka ny voalazan'ny andininy faha-137, andalana faha II ao amin'ny Lalàmpanorenana manao hoe : « Ny Ny fankatoavan-dalàna na fankatoavana ny fifanarahana iraisam-pirenena izay mampiditra andraikitra ara-bola ho an'ny Fanjakana dia tsy maintsy omen-dalana amin'ny alalan'ny Lalàna ».

Ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola ary ny Minisitry ny Fampianarana Teknika sy ny Fanofanana Arak'asa no hiandraikitra ny fanolorana ny antony sy ny fanohanana ny adihevitra momba izany.

Izany, Ramatoa sy Andriamatoa Parlemantera, no anton'ity volavolan-dalàna ity izay atolotray am-panajana ho amin'ny fankatoavanareo ambony.

Natao teto Antananarivo, faha

**Ministrin'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola**

**Herinjatovo Aimé RAMIARISON**

**Ny Ministrin'ny Fampianarana Teknika sy ny Fanofanana arak'Asa**

**Todisoa Manampy ANDRIAMAMPANDRY**

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

FIADIDIAN'NY REPOBLIKA

---

**VOLAVOLAN-DALANA LAHARANA FAHA 028/2026 NY 10 JONA 2026**

manome alalana ny fankatoavan-dalàna ny Fifanarahana fampindramam-bola mikasika ny famatsiam-bola ny Tetikasa "Fampivelarana ny fahaiza-manaon'ny tanora ho an'ny fanovàna ara-toekarena sy ny asa eto Madagasikara (MYSET)", natao sonia ny 30 aprily 2026 teo amin'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Banky Iraisam-pirenena.

Nankatoavin'ny Antenimierampirenena nandritra ny fivoriana nataony tamin'ny ...............

**NY FILOHAN'NY FANAVAOZANA NY REPOBLIKA, FILOHAM-PANJAKANA,**

Araka ny Lalàmpanorenana,

Araka ny fanapahan-kevitra laharana faha- HCC/D tamin'ny

**DIA MANAPAKA NY LALÀNA IZAY MANANA IRETO VOTOATINY IRETO :**

**Andininy voalohany.** - Omena alalana ny fankatoavan-dalàna ny fifanarahana fampindramam-bola mikasika ny famatsiam-bola ny Tetikasa "Fampivelarana ny fahaiza-manaon'ny tanora ho an'ny fanovàna ara-toekarena sy ny asa eto Madagasikara (MYSET)", natao sonia ny 30 aprily 2026 teo amin'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Banky Iraisam-pirenena, mitentina ZATO TAPITRISA DOLARA (100 000 000 USD).

**Andininy faha 2.** - Havoaka amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika ity Lalàna ity ary hotanterahina ho Lalàm-panjakana.

Navoaka teto Antananarivo, faha-

**Avy amin'ny Filohan'ny Fanavaozana ny Repoblika,**
**Filoham-panjakana,**

**Michaël RANDRIANIRINA**

**Hita mba ho tovana**
**amin'ny Didim-panjakana laharana faha-2026-1475 ny 10 jona 2026**

**Avy amin'ny Praiminisitra,**
**Lehiben'ny Governemanta,**

**Mamitiana RAJAONARISON**

## GOVERNEMANTA

### DIDIM-PANJAKANA LAHARANA FAHA- 2026-1475

momba ny fampahafantarana eo anatrehan'ny Parlemanta ny Volavolan-dalàna laharana faha-**028/2026 tamin'ny 10 jona 2026** manome alalana ny fankatoavan-dalàna ny fifanarahana fampindramam-bola mikasika ny famatsiam-bola ny Tetikasa "Fampivelarana ny fahaiza-manaon'ny tanora ho an'ny fanovàna ara-toekarena sy ny asa eto Madagasikara (MYSET)", natao sonia ny 30 aprily 2026 teo amin'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Banky Iraisam-pirenena.

### NY PRAIMINISITRA, LEHIBEN'NY GOVERNEMANTA,

Araka ny Lalàmpanorenana ;

Araka ny fanapahan-kevitra laharana faha-10-HCC/D3 tamin'ny 14 oktobra 2025 izay manome alalana ny manam-pahefana ara-miaramila mahefa, ny Kolonely RANDRIANIRINA Michaël, hampihatra ny andraikitry ny Filoham-panjakana ;

Araka ny Didim-panjakana laharana faha-2026-776 tamin'ny 15 marsa 2026 manendry ny Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta ;

Araka ny Didim-panjakana laharana faha-2026-777 tamin'ny 25 marsa 2026 manendry ireo mpikambana ao amin'ny Governemanta.

### DIA MAMOAKA IZAO DIDIM-PANJAKANA IZAO :

**Andininy voalohany.** – Ny Volavolan-dalàna laharana faha - 028/2026 ny 10 jona 2026 manome alalana ny fankatoavan-dalàna ny fifanarahana fampindramam-bola mikasika ny famatsiam-bola ny Tetikasa "Fampivelarana ny fahaiza-manaon'ny tanora ho an'ny fanovàna ara-toekarena sy ny asa eto Madagasikara (MYSET)", natao sonia ny 30 aprily 2026 teo amin'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Banky Iraisam-pirenena, mitentina ZATO TAPITRISA DOLARA (100 000 000 USD), nodinihina tao amin'ny Filankevitry ny Minisitra ny 10 jona 2026, tovana amin'ity Didim-panjakana ity ary misy andininy roa (02), dia hatolotra eo anatrehan'ny Parlemanta.

**Andininy faha 2.** – Ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola ary ny Minisitry ny Fampianarana Teknika sy ny Fanofanana Arak'asa no hiandraikitra ny fanolorana ny antony sy ny fanohanana ny adihevitra momba izany.

Natao teto Antananarivo, faha-10 jona 2026

**Avy amin'ny Praiminisitra,**
**Lehiben'ny Governemanta,**

**Mamitiana RAJAONARISON**

Ministrin'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola

Herinjatovo Aimé RAMIARISON

Ny Ministrin'ny Fampianarana Teknika sy ny Fanofanana arak'Asa

Todisoa Manampy ANDRIAMAMPANDRY